# LIVRET DE L'ELEVE

## 3 - COMPRENDRE L'ECRIT – A 1

Nom : Prénom : Classe : Date : …. /…. / 201..

| Exercice 1 | NIVEAU A 1 | COMPRENDRE L'ECRIT | Comprendre des textes très courts et simples si les mots sont familiers et les expressions très élémentaires |
|---|---|---|---|

| 1 | 0 | 9 |
|---|---|---|

Vakio tsara ny lahatsoratra. Asio x eo alohan'ny valinteny marina.
*(Lis bien le texte. Mets une croix devant la/les bonne(s) affirmation(s)).*

> Mirava ny sekoly. Mody daholo ny mpianatra. Mihazakazaka i Nary sy ny nàmany. Fa ny ankizivavy kosa mandeha moramora. Misy indray mbola variana milalao baolina sy manao sabàka.

Voici les affirmations :

Mirava ny sekoly :

| | |
|---|---|
| | -Mijanona ao an-dakilasy ny ankizy. |
| | -Mihazakazaka daholo ny ankizy. |
| | -Mihazakazaka ry Nary. |
| | -Misy ankizy tsy mody fa mbola milalao. |

| Exercice 2 | NIVEAU A 1 | COMPRENDRE L'ECRIT | Comprendre une carte ou une invitation simple et brève en s'appuyant sur des modèles connus |
|---|---|---|---|

| 1 | 0 | 9 |
|---|---|---|

Naharay ity fanasana ity ianao. Vakio izany.
*(Tu as reçu cette lettre d'invitation. Lis-la)*

> Antananarivo faha 29 martsa
>
> Ho an'i Faly,
>
> Folo taona amin'ny Alakamisy 03 aprily aho. Manasa anao aho hiaraka hifaly amiko aty an-tranoko aho amin'ny ny Sabotsy 05 aprily maraina.
> Tongàva an !
>
> Valiha

a) Valio ireto fanontaniana ireto *(Réponds aux questions)*

Iza no mandefa ny fanasana?

---------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

Iza no omena ny fanasana?

---------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

b) Mariho izay valiny marina

*(Coche la bonne réponse)*

| Nahoana no nalefa ity fanasana ity ? |
|---|

. satria misy olona handeha. ☐
. Satria fetiny ☐
. satria manasa olona hanao vakansy. ☐
. satria feno Sivy taona ilay olona. ☐

| Rahoviana ny fotoana? |
|---|

Amin'ny dimy aprily. ☐
Amin'ny sivy ambin'ny folo martsa. ☐
Amin'ny sivy amby roapolo martsa ☐

| Aiza no hanaovana ny fety ? |
|---|

- Any am-pianarana. ☐
- Any amin'i Faly. ☐
- Any amin'i Valiha. ☐
- Eny an-dàlana. ☐

# Validation en langue malgache - Zone Océan Indien

## LIVRET DE L'ELEVE

**3 - COMPRENDRE L'ECRIT – A 2**

Nom : Prénom : Classe : Date : …. /…. / 201..

| Exercice 3 | NIVEAU A 2 | COMPREHENSION DE L'ECRIT | Comprendre des textes courts et simples suivre la trame d'une l'histoire |
|---|---|---|---|

| 1 | 9 | 0 |
|---|---|---|

Fenoy amin'ireto teny ireto ny banga : Manjono, lakana, Indray andro hono, anarany, fianakaviany, vao.

………………., nisy lehilahy iray mahantra, Rabe no ……………. …………….. no amelomany ny …………….….. Haranjono iray sy…………………… iray no mba fananany. Isan'andro izy dia miainga …………….…… maraina mamonjy ny asany.

| Exercice 5 | NIVEAU A 2 | COMPREHENSION DE L'ECRIT | Prélever une information |
|---|---|---|---|

Inty misy peta-drindrina iray hita tao an-tsekoly.

| 1 | 9 | 0 |
|---|---|---|

**FIFANINANANA KATRO**

Mpikarakara : **EPP Befitia**

Toerana : **Efitranon'ny CM2**

Fotoana : **19 Februn 2013**
**amin'ny 2ora sy sasany tolakandro**

Ny mpandray anjara : **ankizilahy sy ankizivavy**

***"Hisy loka lehibe ho an'ny mpandresy"***

Fisoratana anarana : **Biraon'ny Tale**

Valio ireto fanontaniana ireto.

| | |
|---|---|
| 1.Inona no lazain'ny peta-drindrina? | |
| 2.Ho an'ny olon-dehibe ve ny fifaninanana? | |
| 3.Amin'ny firy no manomboka ny fotoana? | |
| 4.Iza no mpikarakara? | |
| 5.Iza no azo anontaniana momba ny fifaninanana? | |
| 6.Aiza no hanaovana azy? | |
| 7.Inona no azon'izay mandresy? | |

Nom : Prénom : Classe : Date : …. /…. / 201..

| | | | |
|---|---|---|---|
| **Exercice 6** | **NIVEAU B 1** | **COMPREHENSION DE L'ECRIT** | **Comprendre des textes essentiellement rédigés dans une langue courante Localiser les informations recherchées ou pertinentes pour éventuellement réaliser une tâche** |

| | | |
|---|---|---|
| *1* | *9* | *0* |

Ny valan-javaboarin'Akarafantsika.

Fokontany fitopolo no miankina amin'ny valan-javaboari'Akarafantsika. Miezaka manatsara ny toerana ny mponina mba hisarika mpizahatany. Miara-miasa amin'ny Madagascar National Park izy ireo amin'izany. Araka ny tatitra voaray farany dia fantatra fa nampiditra vola 200 tapitrisa ariary ireo mpizahatany nandalo tao tamin'ny taona 2013.Nisy tamin'izy ireo no teratany amerikana sy eraopeanina. Sambo lehibe iray no nitondra azy ireo ary tao amin'ny seranan-tsambon'i Mahajanga no nihantsona io sambo io.

Gazety TARATRA zoma 9 Aprily 2014.

Vakio tsara ny lahatsoratra dia valio ny fanontaniana.

| | |
|---|---|
| 1-Inona no ataon'ny mponina mba hisarihana mpizahatany? | |
| 2-Ohatrinona ny vola azo avy amin'ny valanjavaboary tamin'ny taona 2013 ? | |
| 3-Avy aiza ireo mpizaha tany? | |
| 4-Iza no nanoratra ny lahatsoratra ? | |

| Exercice 8 | NIVEAU B 1 | COMPREHENSION DE L'ECRIT | Reconnaître les grandes lignes d'un schéma argumentatif |
|---|---|---|---|

| 1 | 9 | 0 |
|---|---|---|

Ny fiompiana tantely.

Araka ny tatitra navoakan'ny fivondronan'ny Malagasy mpiompy tantely(Fédération nationale des apiculteurs malgaches) dia nihena ampahatelony ny vokatra tantely tato anatin'ny folo taona. Izany dia noho ny aretina varoazy(varius) nahazo io fiompiana io.Antony lehibe nahatonga io aretina io dia ny fahapotehan'ny tontolo iainana. Manimba ny tontolo iainana ny doro ala, ny loto miparitaka etsy sy eroa, ny fiotàzana tafahoatra ny zavamaniry.

Miteraka fahaverezana asa maro any ambanivohitra izao fahasimban'ny fiompiana tantely izao.Mifindra monina noho izany ny olona. Antony iray mampitombo ny mpivarotra eto an-tanàn-dehibe izany.

Gazety TARATRA Talata 11 martsa 2014.

Rehefavoavakinao tsara ny lahatsoratra dia valio ny fanontaniana.

| | |
|---|---|
| Inona no olana mahazo ny mpiompy tantely ? | |
| Inona no nahazo ny tantely? | |
| Niteraka inona teo amin'ny fiainan'ny olona ny fahasimban'ny famokarana tantely? | |
| Inona no tokony hatao mba hampitomboana ny tantely? Manomeza vahaolana roa. | |